

NY TANTARAM-PIAINAN'I PAPA FRANÇOIS



Ny Papa vaovao teratany Arzantina, Jeorge Mario Bergoglio, dia nifidy ny anarana hoe **François** .

Jorge Mario Bergoglio Zezoita, avy any Arzantina, 76 taona, Arsevekan'i Buenos Aires no Papa amerikana voalohany. Endrika iray nisongadina ho an'ny kaontinanta iray manontolo izy ary Mpiandry ondry tsotra sy tena mamy hoditra tao amin'ny dioseziny, izay tapitra voatsidiny na tamin'ny metro na tamin'ny fiaram-bahoaka, nandritra ny dimy ambinifolo taonan nanatanterahany ny asa fanompoana maha Eveka azy tao. "Mahantra ny oloko ary anisan'izy ireo aho," hoy izy nanazava ampahibemaso ny anton'ny safidiny hiaina ao anaty trano tsotra sy hikarakara ny sakafony manokana. Nampirisika ny pretrany mandrakariva ihany koa izy mba ho be indrafo sy hanana ny herim-pon'apôstôly, ary hanokatra ny varavarana ho an'ny rehetra. Imbetsaka izy no nanazava fa ny zavatra ratsy indrindra mety hitranga eo amin'ny fiainan'ny Eglizy dia ilay antsoin'i Père de Lubac hoe "fiainam-panahy manaraka ny toe-tsain'izao tontolo izao", izay midika hoe "manao ny tena ho ivon'ny zavatra rehetra". Ary rehefa miresaka ny rariny ara-piarahamonina izy, dia manasa mba handray an-tanana indray ny fampianarana katesizy, mba hahalalana bebe kokoa ny didy folo sy ny **fahasambarana valo**. Tsotra ny tetikasany : raha manaraka

an'i Kristy isika, dia fantatra fa "fahotana lehibe ny fanosihosena ny fahamendrehan'ny olona iray".

Noho ny toetrany tsy tia sehoseho, an-dalana vitsy tsotsotra ihany no nanehoana ny tantaram-piainany ofisialy mandra-pahatongan'ny fotoana nanendrena azy ho Arsevekan'i Buenos Aires. Nanjary fitaratra sy modely anefa ny tenany noho ny fandraisany andraikitra niavaka nandritra ny krizy ara-toekarena nampitotongana ny fireneny tamin'ny taona 2001.

Teraka tao an-drenivohitr'i Arzantina izy tamin'ny 17 Desambra 1936, ary zanaka mpifindra monina italianina avy any Piemonte. Ny rainy Mario dia mpikajy vola na "comptable", mpiasan'ny lalamby. Mpikarakara tokantrano kosa i Regina Sivori reniny ary misahana ny fanabeazana ireo zanany dimy.

Taorian'ny nahazoany ny diploma maha-teknisianina amin'ny simia, dia nifidy ny lalana maha-pretra izy ka niditra tao amin'ny semineran'ny diosezin'i Villa Devoto. Nifindra tany amin'ny Novisià-n'ny Fikambanan-dreljiozy Zezoita ny tenany tamin'ny 11 Martsa 1958. Namita ny fianarany momba ny literatiora tany Chili izy, ary tamin'ny 1963 dia niverina indray tany Arzantina rehefa nahazo ny mari-pahaizana "maîtrise" tamin'ny filozofia tao amin'ny Kolejy St Joseph ao San Miguel. Teo anelanelan'ny 1964 sy 1965, mpampianatra literatiora sy psikolojia tao amin'ny College de l'Immaculée de Santa Fé ny lehilahy. Mbola ireo taranja ireo ihany koa no nampianariny tao amin'ny "College of the Savior" tao Buenos Aires ny taona 1966. Nanomboka tamin'ny 1967 ka hatramin'ny 1970 izy dia nianatra teolojia ary nahazo ny mari-pahaizana "maîtrise" tao amin'ny Kolejy St. Joseph ihany.

Tamin'ny 13 desambra 1969 no nanamasinan'ny Arseveka Ramón José Castellano azy ho pretra. Teo anelanelan'ny taona 1970 sy 1971 no nanohizany ny fiomanany tany Alcalà de Henares, Espana. Ny 22 Aprily 1973 no nanaovany ny voady mandrakizay maha zezoita azy. Nony tafaverina tao Arzantina indray izy dia lasa Mpiandraikitra ny novisy tao amin'ny Villa Barilari ao San Miguel, nampianatra tao amin'ny sampam-pampianarana teolojia ihany koa izy ary filan-kevity ny provensan'ny Fikambanan'i Jesoa sady Rektoran'ny Kôlejy.

Voatendry ho Provinsialin'ny Fikambanana Zezoita tao Arzantina izy ny 31 jolay 1973, andraikitra izay niantsohany nandritra ny 6 taona. Avy eo izy nanohy indray ny asany tany amin'ny sehatry ny fampianarana ambony. Teo anelanelan'ny taona 1980 sy 1986, izy no talen'ny Kolejy St Joseph, ary nitantana Paroasy tao San Miguel. Ny volana Martsa 1986 no nandehanany tany Alemana hanatanteraka ny toha-keviny ahazoany ny mari-pahaizana doctorat. Taorian'izay dia izy dia voatendren'ny lehibeny ho mpitantana am-panahy sy mpampikonfesy tao amin'ny Collège du Sauveur ao Buenos Aires sy tao amin'ny Eglizin'ny Zezoita tao amin'ny vohitr'i Cordoba.

Ny Kardinaly Antonio Quarracino tao Buenos Aires mihintsy no niantso azy ho mpiara-miasa akaiky aminy. Noho izany, notendren'i Papa Joany Paoly II ho Eveka tompon-toerana tao Auca sy Eveka mpanampy tao Buenos Aires izy ny 20 mey 1992. Ny 27 jona no nanamasinan'ny Kardinaly azy ho eveka. Nosafidiany ho teny faneva ny hoe "Miserando atque eligendo" na "Voafidy fa namindrana fo") ary nametraka amin'ny blason ny fanafohizan-teny manambara an'i Kristy hoe IHS, sady famantarana ny fikambanana Zezoita

Tao amin'ny gazety paroasialy kely iray antsoina hoe "Estrellita de Belém" no nanaovany ny dinidinika voalohany ami'ny maha Eveka azy. Voatendry avy hatrany ho Vikera Episkopaly tao amin'ny faritr'i Flores izy, ary ny 21 desambra 1993 no nandraisany ny andraikitra maha Vikera jeneralin'ny ny Arsidiosezy. Tsy mahagaga arak'izany raha nisondrotra ho "Arseveka mpisolo toerana" tao Buenos Aires izy ny 3 jona 1997. Sivy volana latsaka taty aoriana, nodimandry ny Kardinaly Quarracino ka voatendry handimby azy ny tenany ny 28 febroary 1998, mba ho Arseveka loha-laharana ao *Arzantina ary mpiandraikitra ireo mpino mpandala ny fomba tantsinana niely eran'i Arzantina izay mazana mbola tsy afaka nanaraka fombam-pivavahany manokana.*

Telo taona taty aoriana, ny 21 Febroary 2001 nandritra ny Konsistoara no nananganan'ny Papa Joany Paoly II azy ho Kardinaly, ary nanomezany azy ny paroasin'i **Saint Roberto Bellarmino**. Nanentana ireo mpino izy tsy handany vola hankany Roma mba hankalaza ny maha kardinaly azy fa kosa hanome ny vola voaomana ho amin'izany ho an'ny mahantra. "Grand Chancelier" an'ny Oniversite Katolikan'ny Arzantina ny tenany, ary nanoratra boky maro toy ny : *Meditaciones para religiosos* (1982), *Reflexiones sobre la vida apostolica* (1986), *Reflexiones de esperanza* (1992).

Tamin'ny Oktobra 2001, izy no voatendry ho mpampika-teny lefitra nandritra ny Fivoriam-be faha-folon'ny Sinaodan'ny Eveka nandinihana momba ny "Asa fanompoana maha-Eveka". Andraikitra izay napetraka taminy tamin'ny fotoana farany hisolo toerana ny Kardinaly Edward Michael Egan, Arsevekan'i New York, tokony hanao io andrankitra io nefa voatery nijanona tany amin'ny fireneny noho ny raharaha fampihorohoroana nitranga tany Amerika ny 11 Septambra. Nandritra ny Sinaody, nantitranteriny manokana ny "iraka maha mpaminany ny Eveka", ny maha "mpaminanin'ny rariny" azy, ny adidiny amin'ny fitoriana tsy ankijanona "ny Fampianarana Sosialin'ny Eglizy", ary ny hananany fijery mahitsy sy marina eo amin'ny lafin'ny finoana sy ny fitsipi-pitondratena.

Mandritra izany fotoana izany, niha fanta-daza hatrany ny tenany tany Amerika Latina. Na izany aza, voatazony sy hita taratra teny foana ny maha tso-piaina sy tia

mihafy azy, hany ka lazain'ny ny sasany fa mampijaly tena aza indraindray. Noho io toetrany io ihany no nandavany ny fanendrena azy ho filohan'ny Fivondronamben'ny Eveka any Arzantina, tamin'ny 2002, saingy voafidy ihany izy telo taona taty aoriana ka tsy afa-nandà ary mbola voafidy indray hanohy mandritra ny 3 taona manaraka tamin'ny 2008. Teo anelanelan'izay, ny Aprily 2005 raha ny marimarina kokoa, nandray anjara tamin'ny Conclave izay nahavoafidy ny Papa Benoit XVI izy.

Amin'ny maha Arsevekan'i Buenos Aires azy, diosezy izay manana mponina maherin'ny telo tapitrisa, dia nanana tetikasa misionera mifantoka amin'ny fiombonana sy ny fitoriana ny Evanjely izy. *Niompana tamin'ny tanjona lehibe 4 izany tetikasa izany: fiarahamonina misokatra sy miaina ny firahalahiana, fandraisana anjara mavitrik ny lahika mahatsiaro tena, fitoriana ny Evanjely mipaka amin'ny mponina rehetra tsy an-kanavaka ao an-tanàna, fanampiana ny mahantra sy ny marary.* Nokendreny tamin'izany ny hitory indray ny Evanjely ao Buenos Aires, amin'ny fijerena ny mponina ao aminy, ny rafitra sy tantarany. Nanentana ny pretra sy ny laika izy mba hahay hiara-hiasa. Ny volana Septambra 2009, natombony teo amin'ny sehatra nasionaly ny hetsi-piraisankina ho an'ny faha-roanjato taonan'ny fahaleovantenam-pirenena : asa soa miisa roanjato no nokendrena hovitaina hatramin'ny taona 2016. Eo anivon'ny kôntinanta kosa, namoky fanantenana lehibe ny famohazany indray ny hafatry ny Fihaonambe tany Aparecida tamin'ny taona 2007, ka nahatonga azy niteny mihitsy hoe "**Evangelii nuntiandi**" (na **Fitoriana ny Evanjely**) ho an'ny Amerika Latina.

Talohan'ny naha-voafidy azy ho Papa, ny tenany dia mpikambana tao amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fombam-pivavahana sy ny fitsipiky ny Sakramenta, Sampan-draharaha miandraikitra ny pretra, Sampandraharaha miandraikitra ny "Fiainana voatokana" sy ny "fivondronam-piainana apostôlika", ny Filan-kevitra pôntifikaly momba ny fianakaviana sy ny Vaomiera pôntifikaly momba an'i Amerika Latinina.